Eglise Adventiste du Septième Jour

**N° 008/23/FMC**

**FILAZAN-DRAHARAHA JOLAY 2023**

Miarahaba antsika rehetra nahatratra izao Sabata izao.

**FIANTSOANA FIVORIANA**

**ANDEFASANA:** Ny Pasitora, ny Loholona, ny Mpitantsoratry ny Fiangonana

**ANTONY:** **LANCEMENT TETIK'ASA 6.1 SY FIOFANANA HO AN'NY MPITANTSORATRA ETO AMIN'NY FMC NY TAONA 2023**

Antsoina ny Loholona rehetra sy ny Mpitantsoratry ny Fiangonana rehetra isam-piangonana eto Antananarivo sy ny manodidina mba ho tonga hamonjy fiofanana

**DATY:** Alahady 30 Jolay 2023

**TOERANA:** Fiangonana MANDROSOA

**ORA:** amin'ny 8 ora maraina

**N.B:** Zava-dehibe no hodinihina amin'io fotoana io. Koa alamino dieny izao ny programa mba ho tonga isika rehetra

------------------------ oOo ------------------------

**PROGRAMMA FI.PI.KRI**

**ANDEFASANA:** Ny Pasitora rehetra, ny Loholona rehetra, ny Fiangonana rehetra eto Antananarivo sy ny manodidina

**ANTONY:** **PROGRAMMA GCV miaraka amin'ny DIVISION**

**DATY:** Sabata 05 Aogositra 2023

**TOERANA:** Gradin III SOAMANDRARINY

**N.B:** Mikatona avokoa ny Fiangonana rehetra eto Antananarivo sy ny manodidina amin'io fotoana io.

------------------------ oOo ------------------------

**AUMONIER FONJA**

**ANDEFASANA:** Ireo Mpitory ny Filazantsara eny amin'ny Fonja, ny tompon'andraikitry ny sampana lehilahy sy ny Asa soa, ny Loholona Mpiahy sy ireo izay vonona hanohana ny asa fitoriana eny amin'ny fonja

**ANTONY:** **FIVORIANA SY FANOFANANA ARY FAMPAHAFATARANA NY PROGRAMAN'ASAN'NY AUMONERIE PRISON NY ENIM-BOLANA FAHAROA 2023**

**TOERANA:** GRADIN I SOAMANANDRARINY

**DATY:** ALAHADY 23 JOLAY 2023 @ 8 ORA SY SASANY MARAINA

**N.B:** Aoka ny tsirairay hitondra sakafo sahaza azy.

------------------------ oOo ------------------------

**DEPARTEMANTA FAMPIELEZAM-BOKY, FANAHIN'NY FAMINANIANA, MINISTERAN'NY VAVAKA**

**ANDEFASANA** : Ny Pasitora, ny Mambra rehetra.

**ANTONY**: SABATAN'NY BAIBOLY.

Ho tanterahantsika ny sabatan'ny Baiboly ho fanohanana ny fanontana Baiboly.

**DATY:** Sabata ny Volana JOLAY isam-piangonana

Entanina isika hanao fanatitra manokana amin'izany. Azo atao koa ny isan-tokantrano na isam-batan'olona manolotra Baiboly (Tombam-bidy). Ho an'izay efa nahavita dia arotsaka aty amin'ny FMC. Aterina miaraka any amin'ny fampielezana Baiboly avy eo.

------------------------ oOo ------------------------

**DEPARTEMANTA MIFEM –MINENF**

**ANDEFASANA:** Ny MIFEM sy ny MINENF rehetra

**ANTONY:** **CONGRESY MIFEM TULEAR sy SABATAN'NY ANKIZY**

Araka ny lamina maneran-tany dia ny **Sabata 22 JOLAY 2023** no hanatanterahana ny Sabatan'ny Ankizy. Ny Toriteny dia azo alaina ao amin'ny **groupe messenger Secrétaire** na ao amin'ny **facebook AOSIS** BOT.

**KONGRESY TOLIARA**: Alefa miaraka ity circulaire ity ihany koa ny tsara ho fantatra sy ny mila hiomanana rehetra.

## DEPARTEMANTA NY FIFANDRAISANA

1. **ANDEFASANA :** Ny Pasitora, ny Mambra rehetra

**ANTONY :** Herinandron'ny Fifandraisana

**DATY :** 08- 15 Jolay 2023

- Efa tonga ny boky fiaraha-mivavaka "Fiangonana, toerana hifandraisana", koa antsoina isika samy haka izany ao amin'ny Pastoran'ny Distrikany, araka ny anjaran'ny Fiangonany avy. Efa ao anatiny avokoa ny toriteny Sabata faha-08 sy ny faha-15 Jolay.
- Misy kosa ny azontsika jifaina 1.900Ar ao amin'ny Stock FMC, mba ho antsika manokana. Vonjivonjeo àry fa 100 ihany no azo vidiana.
- Isan-kariva ao amin'ny Pejy Federation Madagascar Centre sy Radio Oasis 106.4 FM ny video

2. **TOLOTR'ASA TEKNISIANA MAISON DE LA COMMUNICATION.**

**ANTONY :** Tolotr'asa ho « Responsable Technique » eo anivon'ny Tranoben'ny Fifandraisana

**Fepetra (Profil)**

- Mambra ara-dalàna (Lettre de recommandation)
- Manana ny diplaoma fara-fahakeliny Bacc + 3 en Télécommunication
- Manana « experience en haute fréquence », roa (02) taona fara-fahakeliny
- Ny « expérience en électronique » dia tombony.

**Faritra hiasana**

- Region Analamanga, Itasy, Bongolava, Vakinankaratra

Ny daty farany hanaterana ny atontan-taratasy (demande, CV+ sary tapaka, Lettre de recommandation, copie diplôme/certificat certifié) ao amin'ny Sekretera ato amin'ny birao foibe FMC, dia **ny Alatsinainy faha-24 Jolay 2023** hatramin'ny 12ora.

3. **TOLOTR'ASA ANIMATEUR NA ANIMATRICE (MPANENTANA) eo anivon'ny RADIO OASIS**

**Fepetra (Profil)**

- Mambra ara-dalàna (Lettre de recommandation)
- Manana ny diplaoma fara-fahakeliny Bacc
- Manana « experience en technique d'animation médiatique», roa (02) taona fara-fahakeliny

**Faritra hiasana**

- Region Analamanga, Itasy, Bongolava, Vakinankaratra

Ny daty farany hanaterana ny atontan-taratasy (demande, CV+ sary tapaka sy 2 références professionnelles, Lettre de recommandation, copie diplôme/certificat certifié) ao amin'ny Sekretera ato amin'ny birao foibe FMC, dia **ny Alatsinainy faha-31 Jolay 2023** hatramin'ny 12ora.

----------------------- oOo -----------------------

## DEPARTEMANTA EDS/MP/SC

**ANDEFSANA:** Ny Pastora, ny Mambra rehetra

**ANTONY:** FANENTANANA

Entanina ny Fiangonana mba hiara- hientana sy hanohana ny J.A hatrany @ fanomanana ny SEMINERA NA CONFERENCE " FEON'NY TANORA". Aoka haneho hatrany isika fa « IRAY MAMITA NY ASA »ary « IRAY NY ASA ATAO ». Ho voninahitr'Anndriamanitra. Maranata!

----------------------- oOo -----------------------

## DEPARTEMANTA NY FAHASALAMANA SY NY FAHALALANA ONONY

**ANDEFASANA :** Ny Filohan'ny Fahasalamana sy ny Mambra rehetra

**ANTONY :** FANENTANANA

- Entanina isika isam-piangonana hanao hetsika **« EXPO SANTE »** izay maneho ireo Fanafody Valon'ny Fanavaozana Ara pahasalamana. Misy ireo ekipa napetraka isam-piangonana hanatanteraka io asa io .
- Efa nisy hatrany ireo taridàlana ara-panjakana sy eo anivon'ny Fiangonana tokony arahintsika rehefa manatanteraka izany hetsika izany. Izany dia ho fiarovana ny Fahamarinana rehetra ankamamiantsika.
- Aoka hanatona hatrany ny Departemanta raha misy ilantsika fanampim-panazavana.

----------------------- oOo -----------------------

Mirary Sabata mahafinaritra sy feno fifaliana ho antsika rehetra.

**Pasteur RATSIMBAZAFY Lalaniaina**
**Secrétaire Exécutif FMC**